REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana • Tanindrazana • Fandrosoana

FIADIDIANA NY REPOBLIKA

FAMPITAM-BAOVAO

Andiany faha 108 ny fikaonan-doha iraisam-pirenena ho an'ny asa sy faha zato taonan'ny OIT : « asa mendrika ho an'ny rehetra »

Nandray anjara manokana tamin'ny andiany faha 108 ny Fikaonan-doha iraisam-pirenena ho an'ny asa sy ny faha zato taonan'ny Fikambanana Iraisam-pirenena ho an'ny Asa (OIT) any Suisse ny Filoha Andry Rajoelina. Nandritra ny lahateny izay nataony no nanamafisany fa manohana hatrany ny ezaka rehetra izay ataon'ny OIT hanatsara ny tontolon'ny asa i Madagasikara. Ho fanatsarana izay tontolon'ny asa ho an'ny malagasy izay indrindra no nametrahan'ny fitondram-panjakana ny karama ambany indrindra ho 200000 ariary. Eo ihany koa ny fametrahana ny fandaharanasa Fihariana izay natao hitsinjovana ireo tanora sy hanosika azy ireo hamorona asa sy hiditra eo amin'ny sehatry ny fandraharahana. Nanao antso avo ho an'ireo mpikambana ao amin'ny OIT ihany koa ny filoha Andry Rajoelina mba hifanome tanana hiady amin'ireo endrika fanandevozana maoderina sy fanararaotana atao amin'ireo mpiasa. Laharahampahamehana amin'ny politika ankapoben'ny fanjakana izay napetrako, hoy izy, ny asa mendrika ho an'ny rehetra ary ny tanjon'i Madagasikara ny hanafoana ny asa an-terivozona, ny fanandevozana maoderina, ny fanondranana olona an-tsokosoko ary ny fandrarana ny endrika fampiasana zaza tsy ampy taona ao anatin'ny 10 taona. Nandritra ity fikaonan-doha iraisam-pirenena momba ny asa ity ihany koa no nanaovan'ny Filoha Andry Rajoelina ny sonia ireo fifanarahana miisa enina momba ny mpiasa mpifindra monina, ny fifandraisana ara-kasa eo amin'ny asam-panjakana, ny fifampiraharahana iombonana, ireo biraon'ny sehatra tsy miankina, mpiasa an-trano ary ny asa an-terivozona.
Taorian'ity Fikaonan-doha iraisam-pirenena ho an'ny asa ity, dia nihaona manokana tamin'ny Rtoa. Angela Merkel, Chancelière an'i Alemana ny filoha Andry Rajoelina. Sehatrasa maro no niarahan'ny roa tonta nidinika toy ny angovo, ny tontolo iainana ary ny fampianarana. Noho ny fanasan-dRtoa. Merkel dia handefa delegasiona avy amina ministera maro ho any Alemana tsy ho ela ny Filoham-pirenena . Hiara-hiasa amin'ny Alemana i Madagasikara ao anatina tetikasa matotra sy maharitra ho fanamafisana ny fiarahamiasan'ny firenena roa tonta.

Sampan-draharahan'ny Serasera sy ny Fifandraisana
11-06-2019